Gazette Tohiravina 4-Janvier.pdf 1 21/01/2025 13:58:43

GAZETY
tohiravina
TERAKA

N°04 - Janvier 2025

www.teraka.org - maimaimpoana, tsy azo amidy



Ireo lohatenin-dahatsoratra hita ao amin’ity gazety ity

1. 16 MIANADAHY MIANAKA NAHAVITA FIOFANANA HO MPITARIKA VOVONAM-BONDRONA: ilo miampita ho fanatsarana sy fiarovana ny tontolo iainana
2. KARAZAN-JAVAMANAN’AINA MALAGASY: vakoka sady loharanon-karena ho an’ireo mpikolokolo azy
3. FISY TEKNIKA: fampitsimohana voa
4. FANITARANA NY FANDAHARANASA TERAKA any amin’ny Faritra Itasy, Vakinankaratra, Alaotra Mangoro ary Amoron’i Mania

Ny fahavitrihana antsitrapon’ireo mpikambana no herin’ny programan-tsika. Manefy mpitarika isika mba hitondra antsika any amin’ny tanjona kendrena ary mampihofana ireo mpikambana momba ireo fomba fiasa tsara indrindra isika mba hitondra voka-tsoa ho an’ny toetr’andro sy ny karazan-java-manan’aina eo amin’ny tanintsikatsirairay fa ho tombon-tsoan’izao tontolo izao ihany koa.

Mihalehibe amin’ny toky faka tahaka hananantsika sy amin’ny ohatra omen-tsika tsirairay isika mba hampiavaka antsika amin’ireo vokatra azo. Nahatarika faritra hafa hiombona faniriana hamboly hatrany isika. Afaka mirehareha isika fa ny taona 2024 dia taona tsara sy nahitam-bokatsoa.

Gazette Tohiravina 4-Janvier.pdf 2 21/01/2025 13:58:44

1. 16 MIANADAHY NAHAVITA FIOFANANA HO MPITARIKA VOVONAM-BONDRONA: Ilo miampita ho fanatsarana sy fiarovana ny tontolo iainana

Notontosaina tao amin'ny Kaominina Fiadanana Fandriana ny Alatsinainy sy Talata 23-24 Jolay lasa teo ny fampiofanana azy 16 mianadahy mianaka izay nanolon-tena ho mpitarika ny Vovonam-bondrona ho an'ny Kaominina Fiadanana, Sahamadio, Ankarinoro ary Mahazoarivo. Nahitana mpandray anjara 9 avy ao Fiadanana, 3 avy ao Sahamadio, 3 avy ao Ankarinoro ary 1 avy ao Mahazoarivo. Rehefa resy lahatra sy nahatsapa ny hasarobidin'ny fiarovana ny tontolo iainana izy ireo dia nirotsaka an-tsitram-po mba hitondra ny anjara birikiny ho an'ny tontolo iainana sy ny tananany. Namafy voa tsara ny fandaharanasa TERAKA ka nandray izany ilo izany am-pitiavana sy an-tsitrapo ireto mpitarika ireto. Ny ekipan'ny fandaharanasa TERAKA dia maneho fankasitrahana sy mirary soa azy ireo mba hahavita be amin'izany asa masina izany.



Indraminay ity tononkalon'i RADO andrarezin'ny kanto Malagasy ity mba hirariana soa azy ireo: Maniry koa raha maniry izahay ny mba:

"hisondrotany
ary ny hiavotany
hihoatra sy handingana izay kely mba efa vita,
hisongona izay hita,
ho tonga olomanga, ho sangam-pirenena
tia tanindrazana no feno fahendrena
.....Koa rehefa tonga izany:
'ty tanintsika ity ho fararanon' olona
vanona sy hendry no kanto famololona."

2. IREO KARAZAN-JAVAMANANAINA MALAGASY: VAKOKA SADY LOHARANON-KARENA HO AN'IREO MPIKOLOKOLO AZY

Ny karazan-java-manan'aina eto Madagasikara dia harena tokana sy sarobidy ary isika dia sambatra sy heni-kaja manana azy. Azontsika atao ny mamerina manatsara sy manome lanja izany miaraka amin'ny TERAKA.

Amin'izao fotoana izao, ireo orinasa iraisam-pirenena sy ny sehatra ara-toekarena amin'ny ankapobeny dia manaiky ny lanjan'ny karazan-java-manan'aina ary vonona ny hampiasa vola amin'ny fiarovana sy ny fanomezana lanja azy. Midika izany fa ireo olona izay mpiambina ny karazan-java-manan'aina, toa antsika tantsaha Malagasy, dia afaka manararaotra hiaro ity foto-karena voajanahary ity sady hahazo tombony amin'izany.

Ny fiarovana ny karazan-java-manan'aina dia midika hoe mikakara ny rohivoahary voajanahary toy ny ala na sisin-dranomasina, miaro ireo karazana zava-maniry sy biby tsy manam-paharoa ary mitazona ny fifandanjana mirindra eo amin'ny olombelona sy ny natiora. Ho setrin'izany dia afaka mitondra tombony ara-toekarena izany, toy ny fampandrosoana ny fizahan-tany ara-tontolo iainana, fanomezana lanja ny vokatra voajanahary na famoronan'asa mifandray amin'ny fiarovana ny karazan-java-manan'aina. Ao amin'ny TERAKA dia ho avo kokoa ny vidin'ny fivarotana ny tahiry Karbaona raha afaka mampiseho isika fa ny karazan-java-manan'aina ao amin'ny tanin-kazo dia nihatsara noho ny fandaharan'asa.

Mba hanomezana lanja ny ezaka amin'ny fiarovana ny karazan-java-manan'aina eto Madagasikara amin'ny alalan'ny fandaharan'asa TERAKA ary hahazoana tombony betsaka, dia mila porofoina ara-tsiantifika ireo fandrosoana vita mandritra ny fotoana. Amin'ny fiantombohany, dia hisy mpandrefy momba ny karazan-java-manan'aina tonga hametraka ny antontan'isa fototra momba ny karazan-java-manan'aina amin'ny tanintsika . Haka sary ny tany sy ny zava-maniry misy izy ary hanontany antsika momba ny fomba fambolena ataontsika. Entanina mba hamaly am-pahatsorana sy tsy menatra isika mba hahazoany fahatokisana momba ny fandrosoana hatao.

Aorian'ny taona vitsivitsy sy noho ny fiofanana momba ny karazan-java-manan'aina an'ny tanin-kazontsika sy hanatsara ny fomba fiasantsika. Hiverina ny mpandrefy hanamarina ny fandrosoana vitantsika tamin'ny resaka karazan-java-manan'aina tao amin'ny tanin-kazo TERAKA.

Ireo fandrosoana ireo dia hanaporofo fa mahomby ho an'ny karazan-java-manan'aina ny hetsika ataon'ny vondrona madinika TERAKA. Izany dia hahafahan'ny iTeraka mivarotra ny Karbaona vokarin'ny Vondrona madinika amin'ny vidiny avo kokoa noho ny mahazatra.

Zava-dehibe ho antsika rehetra ny mahatakatra tsara ny foto-kevitra momba ny fanampiana amin'ny asantsika. Tsy maintsy resy lahatra ireo mpanara-maso iraisam-pirenena fa nisy tokoa ny fandrosoana teo amin'ny tanin-kazontsika teo anelanelan'ny fanombohan'ny tetikasa, ny antontan'isa fototra fiaingana sy ny taona niarahana tamin'ny fandaharan'asa TERAKA. Midika izany fa tsy ilaina ny mikatsaka ny hahatonga ny tanintsika ho modely (naoty 20/20) avy hatrany. Zava-dehibe ny mampiseho aloha ny tena zava-misy tany am-boalohany, na dia mampiasa fanafody famonoana bibikely aza isika na misy zavamaniry vahiny manimba ny tany. Ny zava-dehibe dia ny mampiseho ny fandrosoana vita sady maharitra noho ny fandaharan'asa TERAKA.

Gazette Tohiravina 4-Janvier.pdf 3 21/01/2025 13:58:44

Raha ambany ny naoty tany am-piandohana ary avo kosa rehefa afaka taona vitsivitsy dia porofo izany amin'ny fandrosoantsika. Izany dia mampiseho ny fiantraikany tsara maharitra amin'ny karazan-java-manan'aina amin'ny tanintsika noho ny fandaharan'asa.



Raha fehezina dia amin'ny alalan'ny firaketana ny antontan'isa fototra niaigana momba ny karazan-java-manan'aina amin'ny tanin-kazontsika sy ny fanarahana ny fiofanana momba ny karazan-java-manan'aina ary ny fomba fanao tsara avy amin'ny TERAKA, dia afaka mandray anjara amin'ny fiarovana ny karazan-java-manan'aina eto Madagasikara isika ary hahazo tombony ambony indrindra amin'ny tahiry Karbaona. Izany dia hahatonga ny tombony ho betsaka ho antsika rehetra tantsaha. Zava-dehibe izao fanararaotana ny zava-misy izao ary sady fiaraha-miasa mba hiarovana sy hanomezana lanja ny karazan-java-manan'aina eto Madagasikara. Amin'ny maha mpiambina ity harena voajanahary ity antsika, dia manana andraikitra lehibe isika amin'ny fiarovana ny tontolo iainana sy amin'ny famoronana hoavy maharitra ho an'ny firenentsika sy ny taranan-tsika. Isika tsirairay dia ho lasa olona tompon'andraikitra, manan-danja ary tsy azo hadinoina ho an'ny tanintsika. Ho lasa razana hajaina sy ho tian'ireo taranan-tsika isika.

3. FISY TEKNIKA: fampitsimohana voa

Ry tantsaha namana, efa antomotra izao ny fotoana fambolen-kazo. Ho fanampiana antsika amin'ny fahombiazana amin'ny fambolen-kazo dia namolavola fisy teknika momba ny fampitsimohana ny voa hita amin'izao fotoana izao ny fandaharan'asa TERAKA.

MANGA

- ***Fisafidianana ny voa*** **:** Voankazo tsara sy matoy = manome voa feno ny singa rehetra ilaina sy ampy amin'ny fitsirina tsara, voamanga zanatany no safidiana
- ***Fikarakarana ny voa*** **:** Rehefa afaka ny nofony dia sasana, ahahy adin'ny iray amin'ny masoandro , avy eo dia apetraka amin' ny toerana tsy azon'ny masoandro sy maina ary azon'ny rivotra

FAFY ANATY FAMPITSIMOHANA

- Rehefa tonga ny fotoana fambolena dia voasana moramora ilay hodiny mahery ety ivelany mba hangalana ilay voany ao anatiny
- Apetraka amin'ny fangaro fampitsimohana izay ahitana 50% fasika, 25% tany voasivana, 25% zezika voasivana, ka ny lamosiny no ambany, avy eo dia rakofana tany 3 sm eo ho eo
- Asiana fiarovana manodidina sy eo ambony : volotsangana
- Tsy avela ho mando loatra ny tany , raha avy loatra ny orana dia asiana plastika hiarovana azy.
- Fotoana fitsimohany: 30-50 andro aorian'ny famafazana



RAHA HATAO ANATY KITAPON-JANAKAZO AVY HATRANY

- Manafangaro: 1/3 tany masaka voasivana, 1/3 zezi-pahitra malemy ary 1/3 fasika antonony ary asesika anaty kitapon-janankazo
- Refin'ny kitapon-janakazo: 15 sm ny sakany ary 20 sm ny lavany
- Mandavaka kely eo afovoany hasiana ny voa, ny lamosiny no atao ambany, totofana eo amin'ny 5 mm eo ho eo
- Asiana alokaloka izay mirefy 80 sm ny haavony mandrapaniriny
- Tondrahana matetika raha maina ny andro
- Faharetany anaty kitapon-janakazo: 5 volana (Febroary hatramin'ny volana Jiona manaraka, na 10 volana: Marsa hatramin'ny volana Janoary manaraka)

RAHA HATAO ANATY LAVAKA AVY HATRANY

- Mandavaka 60 sm ny halavany ary 60 sm ny haavony farafahakeliny
- Avahana ny tany masaka (volondohan-tany) sy ny tany manta (nofon-tany) rehefa mandavaka
- Ny tany masaka no averina voalohany rehefa hamboly, ny tany manta afangaro amin'ny zezika ary alefa farany
- Mandavaka kely eo afovoany hasiana ny voa ka ny lamosiny no atao ambany, totofana eo amin'ny 2 sm eo ho eo
- Tondrahana isaky ny 2 na 3 andro raha tsy avy ny orana

LITCHI: MARCOTTAGE



- Amin'ny fotoana famoazan'ny litchi no anaovana ny marcottage
- Voasana 5 sm eo ho eo ny taho (ny taho safidiana dia tokony izay sampana mandrimandry, ary ambanimbany amin'ilay taho no faritra voasana)
- Maka sachet tanteram-pahazavana ka asiana ireto fangaro ireto: fasika 50%, zezika 25%, tany masaka 25%
- Hodidinina ireo fangaro anaty sachet ireo ilay taho novoasana, fatorana mafy mba tsy hidiran'ny rivotra
- Tapahana ireo rantsana sy ravin-kazo aty ambony amin'ilay taho
- Rehefa mamàka (afaka 1 na 2 volana) dia hetezana moramora ary atao anaty kitapon-janakazo lehibe(15 sm ny sakany ary 28 sm ny lavany farafahakeliny) na kitapo ciment. Ny taharo atao ao anaty kitapon-janankazo dia mitovy ny tamin'ny marcottage

VOANDELAKA

Fisafidianana ny voa **:** Voa matoy sy masaka no ampiasaina

Fikarakarana ny voa:



- Alona anaty rano mandritra ny indray alina ilay voa
- Rehefa malemy dia potserina hahazoana ilay voa ao anatiny
- Sasana madio tsara ary izay voa mitsingevana dia esorina
- Izay voa tsy mitsingevana dia ahahy mandritra ny tapak'andro ary apetraka amin'ny toerana maina avy eo (tsy azo atao anaty sachet)

FAMPITSIARANA ANATY KITAPON-JANAKAZO

- Manafangaro: 1/3 tany masaka voasivana, 1/3 zezi-pahitra malemy ary 1/3 fasika antonony ary asesika anaty kitapon-janankazo
- Mandavaka kely eo afovoany ary ilay maranitra amin'ny voa no ambony, totofana 2 sm eo ho eo
- Asiana alokaloka (80 sm ny haavony) ary tondrahana indroa isan-kerinandro

PAISO

- ***Fisafidianana ny voa*** **:** Voankazo tsara sy matoy, mandritra ny volana Janoary no fanangonana ny voa, ny voa miraikitra amin'ny nofony no tsara / Mandritra ny volana Aogositra no fampitsimohana ny paiso
- ***Fikarakarana ny voa:*** Esorina ny nofony ary ahahy 1-2 ora, apetraka amin' ny toerana tsy azon'ny masoandro sy maina ary azon'ny rivotra

ATAO ANATY KITAPON-JANANKAZO



- Vakiana ary esorina ilay voa ao anatiny
- Manafangaro: 1/3 tany masaka voasivana, 1/3 zezi-pahitra malemy ary 1/3 fasika antonony ary asesika anaty kitapon-janakazo
- Lavahana kely eo afovoany ary apetraka ny voana paiso, ilay maranitra no ambony
- Totofana eo amin'ny 2 sm eo ho eo
- Tondrahana ny indroa isan'andro (maraina sy hariva)
- Asiana alokaloka 80 sm miala amin'ny tany
- Rehefa mahatratra 10 – 15 sm ny haavony dia afaka afindra

TERAKA

4. FANITARANA NY FANDAHARAN'ASA TERAKA ANY AMIN'NY FARITRA ITASY, VAKINANKARATRA, AMORON'I MANIA ARY ALAOTRA MANGORO

Nanomboka ny volana Oktobra 2024, dia nihitatra any amin'ireo Kaominina maro any amin'ny Faritra Itasy, Vakinankaratra, Amoron'i Mania ary Alaotra Mangoro ny fandaharan'asa fambolen-kazo TERAKA raha toa ka tamin'ny Distrika Soavinandriana (Faritra Itasy) sy Fandriana (Faritra Amoron'i Mania) ihany teo aloha. Nisy arak'izany ireo seminera natao mba hamantarana ireo olana ara-tontolo iainana atrehin'ny tantsaha sy ireo vahaolana efa ataon'izy ireo na hitan'izy ireo fa tokony hatao. Nandritra izany ihany koa no name-labelarana tamin'izy ireo ny fandaharan'asa TERAKA sy namaliana ny fanontanian'izy ireo. Marihina moa fa ny seminera TERAKA dia tena andraisan'ny tantsaha anjara sy ihainoana azy ireo. Tao anatin'ny vahaolana naroson'ireo tantsaha hiatrehana sy hiadiana amin'ny fahasimban'ny tontolo iainana dia tsy hadinony ny fambolen-kazo.Izany indrindra no nandrisika azy ireo hiditra ho mpikambana TERAKA fa sady hiaro ny tontolo iainana no hahazo loharanom-bola maharitra amin'ny alalan'ny fivarotana Tahiry Karbaona izy ireo.

Ankehitriny dia efa miroso amin'ny fambolen-kazo sy ny fananganana Vondrona Madinika izay ahitana olona 6 hatramin'ny 12 avy amin'ny tokantrano telo samihafa ireo tantsaha.





Tsy manavaka fa natao ho an'ny tantsaha rehetra ny fandaharan'asa TERAKA, koa entano ary ny manodidina antsika hanatevin-daharana ny fianakaviamben'ny TERAKA mba ho fanarenana ny tontolo iainana sy hitsinjovana ny taranaka . Tanora mam-boly hazo , manan-kialofana rahatrizay hoy ny Ntaolo razantsika ka herezo ry tantsaha namana.

FOMBA FANAO TSARA VOAANGONA

Fomba fanao tsara rehefa hamindra zanakazo (avy amin'ny fifampizarana nandritra ny fivorian'ny Vovonam-bondrona):
- Atsoboka anatina tain'omby marihitra (tain'omby vavy no tsaratsara kokoa) ny zanakazo miaraka amin'ny tany miaraka aminy mba hampitombo ny tahana azota, ary avy eo atao amin'ny lavaka tokony hisy azy.
- Raha zanakazo mitsiritsiry teny no hafindra: alaina bata-tany (kendreo mba tsy hisy ho simba ny fakany) dia apetraka anaty kitapon-janakazo rehefa avy natsoboka tao anaty tain'omby, rehefa izay vao ambolena ary atao takaha ny voalaza etsy ambony. Ny anton'izany dia mba hanazarana azy hiaina amin'ny toerana hafa.

VONDRONA MADINIKA TERAKA:

- FANDRIANA: 84, Vavy: 265, Lahy: 454
- SOAVINANDRIANA: 35, Vavy: 72, Lahy: 188

FANEVA : "Hijoro ho an'ny tontolo iainana sy ny taranaka"
Distrika Soavinandriana, Kaominina Amparaky, Fokontany Amparaky
Miisa 7: 7 lahy
Daty nijoroana: 04 Desambra 2024



MAITSO : "Hanamaintsoana ny tontolo iainana satria efa mihangazana ny tany"
Distrika Fandriana, Kaominina Mahazoarivo, Fokontany Vinany
Miisa 12: 5 lahy, 7 vavy
Daty nijoroana: 07 Febroary 2024



ASA MIANDRY ANTSIKA HO AMIN'NY VOLANA MANARAKA

Ampitaina amintsika ireo asa irosoantsika indray.
- Firosoana amin'ny fambolena ireo zana-kazo izay anananao na latsa-boa avy hatrany ihany koa raha tsy nahomana zana-kazo ianao
- Fitsirihana sy fikarakarana (fiavana, fanampiana zezika) ireo izay efa voavoly mba hitombo tsara hatrany
- Fisafidianana ary fitehirizana ireo voa misy amin'izao vanim-potoana izao (toy ny paiso, manga) mba hananao tahiry ho atao zana-kazo

Mirary soa anao ahavita be amin'ny asa ary mirary samy hahatratra ny taona vaovao!

GAZETY tohiravina
TERAKA
212 route circulaire Ambanidia
101 Antananarivo
Fampafahantarana : TERAKA
Mpanoratra : ANDRIAMBOLATIANA Irina - RASOARIMALALA Soarifetra Fenosoa - Cédric HOBINIRINA de FOUCAULT - RAKOTONIAINA Nambinina
Sary : © TERAKA
Lasitra : Groovy Artistik
Fanontana Printy : ECOPRIM, Ankorondrano
Tél, 22 320 89
Imprimé sur du papier Eco-Responsable FSC
TERAKA dia marika voaaro
www.teraka.org

Raha hiditra mpikambana TERAKA, antsoy ny laharana :
034 88 142 36 / 032 03 945 00
Isaorana ny CEPF sy ny SAF/FJKM